Sadc, Comesa, Vondrona Afrikana, OIF 3

## Miantso fifampiresahana amin'ny samy Malagasy

Antoko HVM 2

## Tsy hanaiky ny valim-pifidianana peta-toko


# NY VALO SOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 21 novambra 2023 Laharana 1497 Vidiny : 600 Ar


Fahalasanan'i Ninie Donia 3

Anisan'ny tompon'antoka ankolaka Rajoelina sy i Ntsay,...


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto



Vondron'ny kandidà 2

# Tolon'ny voafitaka, ny voan'ny tsindry, tolom-bahoaka no atao



Raharaham-pirenena 3

# Fifidianana tsy nanjary iny vita ny alakamisy teo iny




Fahalasanan'i Ninie Donia 2

# Halevina any Nosy-Be ny Mpanjakavavin'ny Salegy



Espace Dera Tsiadana 6

# May tao anatin'ny indray mipi-maso




Fifanintsanana « Mondial 2026 » 5

### Mahavelom-bolo ireo mpilalao mandrafitra ny Barea

Infocom Seg 6

### Handray fepetra amin'ireo rehetra manely vaovao tsy marina

Daka kely



**Tsy namelan'ialahy isany raha tsy maty tany am-ponja ilay Mpanjaka vavin'ny salegy ry Boaikely a !**

VONDRON'NY KANDIDÀ

# Tolon'ny voafitaka, ny voan'ny tsindry, tolom-bahoaka no atao

Nitafa tamin'ny mpanao gazety teny Andraharo omaly tolakandro, ny vondron' ireo kandidà tamin'ny fifidianana filohampirenena teto amintsika, nambaran'izy ireo nandritra izany fa tolona ho an'ireo voafitaka, tolona ho an' ireo voan'ny tsindry, tolom-bahoaka no atao manomboka izao manerana ny Nosy, fa tsy tolona ho an'ireo kandidà 10 fotsiny intsony. Be ny olona voafitaka amin'ny vola tamin' ny fifidianana natao ny alakamisy teo, miantso ireo voafitaka sy tratran' ny tsindry ireo ny vondron'ny kandidà, tolona ho azy ireo no anisan'ny atao manomboka eto. Ny tafa tamin'ny mpanao gazety nataony omaly dia maneho amin'ny vahoaka maro an'isa, fa mbola mitambatra sy miaraka ary hanohy ny tolona hatrany ny vondron'ny kandidà. Navoitran'ny mpandahateny, fa amboamboarina ny voka-pifidianana mivoaka ao amin'ny CENI, indrindra ny fanabontsinan'izy ireo ny taux de participation, na ny taham-pandraisan'anjaran'ny mpifidy. Nasongadiny koa fa maro an'isa ny olompirenena tsy nifidy ny alakamisy teo, satria tsy nankasitraka iny fifidianana iny. Amin'ny vondron'ny kandidà dia toy ny tsy misy iny fifidianana amboletra tamin'ny 16 novambra iny. Nanambara koa izy ireo fa tsy hanaiky ny hametrahana filohampirenena Vazaha eto amintsika, Vazaha Rajoelina hoy izy ireo, satria efa ninia nangataka ny hizaka ny zom-pirenena Frantsay, ka very avy hatrany noho izany ny maha-Malagasy azy. Ity herinandro ity dia voalaza ihany koa, fa fotoana hanetsehana mafy ny tolom-bahoaka.



***Isambilo***

Antoko HVM

# Tsy hanaiky ny valim-pifidianana peta-toko

Mahakasika ny raharaham-pirenena, indrindra ny momba ny fifidianana filohampirenena fihodinana voalohany natao amboletra ny alakamisy lasa teo ny fanatanterahana azy, naneho ny heviny tamin'ny alalan'ny tafa tamin'ny mpanao gazety teny Andraharo ny antoko HVM ny sabotsy teo. Voalaza tamin'izany, fa mijoro hatrany ny HVM hiaro ny rariny sy ny aradalàna, satria tsy afaka hiantoka ny fitoniana arapoitika io fifidianana izay natao amboletra io, ary vao maika hanapotika ny fiarahamonina Malagasy sy ny toe-karena. Tsy hanaiky ny valim-pifidianana izay peta-toko, sy tsy nandraisan'ny rehetra anjara, tsy manaraka ny fenitra iraisam-pirenena ary feno hosoka ny ao amin'ity antoko ity. Mankahery ny Vahoaka malagasy sy ny mpikambana HVM izy ireo, tamin'ny firaisankina izay nasehony, satria fandresena ho an'ny maro an'isa izao mitranga izao tamin'ny alalan'ny tsy fandraisana anjaran'ny 70% ny mpifidy tamin'ny latsabato. Miantso ny firaisambe iraisam-pienena sy ireo mpanara-maso ny fifidianana, mba tsy hiray tsikombakomba amin'ny tsy fanarahan-dalàna sy mba hiaro ny tombontsoan'ny maro an'isa. Mamporisika ny herivelona rehetra hijoro hatrany hanohy ny tolona izay efa natomboka niarahana tamin'ireo vondron' ny kandida, ny antoko sy vondrona antoko politika, ny fiaramonim-pirenena, ny sendika ary ny fiarahamonina ara-drazana sy ara-panahy. Mila fanovana isika, mba hirosoana amin'ny fifandimbiasampitantanana ara-demokratika sy ho fametrahana fitoniana maharitra hoy ihany ny antoko Hery Vaovaon'i Madagasikara.



*Ireo lohandohan'ny mpisorona ao amin'ny antoko HVM ny sabotsy teo.*

***Niaina***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Kolikoly ara-pifidianana

## Fafy lainga indray ireo fanambatambazana ara-bola

Fafy lainga indray no hita tamin'ny fanambatambazana ara-bola tamin'ny fifidianana filohampirenena farany teo, izay kolikoly ara-pifidianana tsotra izao. Teny Ambohitrarahaba Antananarivo Avaradrano dia olona marobe nilahatra anjara vola no nisy fa nasaina nanohana ny N°3, ka hoe omena 2-3 andro aty aoriana ny anjara nefa nandamoka. Nisy toy izany koa teny Ambohimangakely, tany Mahajanga, tany Toamasina. Araka izany dia fividianana olona no nataon'ny ekipan-dRajoelina tamin'iny fifidianana iny, satria tsy vitsy intsony izao ireo olona voafitaka, nasaina nanohana hatramin'ny farany dia omena anjara vola hatramin'ny 3 hetsy Ar mihitsy rah any voalaza nefa tsy hita izany vola izany. Teny Ambohitrarahaba io, dia efa filaharambe no hita tamin'ny toerana iray, fa hoe miandry ny anjarany, teny Ambatolampy sy Ambohibao dia tsy vitsy koa ireo mpitady sitrany ahay, no nilaza fa 4 andro taorian'ny fifidianana no efa niandry anjara vola nefa resabe fotsiny ihany, elo sy tee-shirt ary koveta no fanambatambazana hifidy N°3, dia omena vola hono aty aoriana, nefa dia tsy nisy na nanjavona izany. Ny tany Mahajanga, dia nitovitovy tamin'izany ihany koa, ka dia hita izao fa fividianana olona mivantana hatrany no nataondRajoelina sy ny forongony. Fifidianana feno karazana hosoka no hita tamin'ny 16 novambra teo iny, tsy tambo isaina ireo voafitaka izay nilaza, fa raha mbola mitohy ny hetsiky ny vondron'ny kandidà C10 na C11, dia aleon-dry zareo mihogahoga hono hoe: ireto izahay mafiady voafitaka tonga hanampy anareo.
Hita araka izany, fa nivoaka tsikelikely ny tsy marina tamin'iny fotoana iny, ny resaka kara-pifidianana no tena loza tamin'ny rehetra, teo koa ny fanaovana tsikombakomba ny vokatra , ny P.V natao miafina, ary ankehitriny dia mibaribary tsikelikely ny vola izay nozarazaraina mialoha sy tamin'ny androm-pifidianana ary taty aoriana kely, izay nandiso fanantenana ny sahirana, sy ireo tia kely mihitsy. Raha tsorina dia ny vidin'ireo entana izay nozaraina no efa vidiny amin'izao hoy ny mpivarotra namelatra ireny elo ireny, satria mitontaly 2 hetsy Ar eo izany, ary ireo jiro fandrehitra sy panneau solaire izay nozaraina, dia fanampenambava fotsiny ihany koa, satria mifanindry tanteraka amin'ny delestage izay tsy mitsahatra hatramin'izao. Ny tsara hoy ireo voafitaka dia manohy ny tolona, ary manongana mihitsy sao tratry ny tsy ampoizina eo indray. Fehiny, tokony hahintsana na disqualifier-na Rajoelina tamin'iny fifidianana iny satria maro ireo kolikoly ara-pifidianana nataony, manginy fotsiny koa ny fampiasana fiaram-panjakana sy tranom-panjakana nanaovan'izy ireo fampielezan-kevitra. Ho sahy ve ny HCC? Ho hita eo!

***Beharo***

Fahalasanan'i Ninie Donia

# Halevina any Nosy-Be ny Mpanjakavavin'ny Salegy

Misaona ny tontolon'ny zava-kanto sy ny politika eto amintsika, nodimandry ny alahady teo tany Antsiranana faritra Diana i Ninie Donia, na ilay nantsoina ihany koa hoe: ''Mpanjakavavin'ny Salegy''. Halevina any Nosy-Be izay toerana niaviany izy, ao amin'ny fasam-pianakaviany any Hell-Ville. Nodimandry ny alahady atoandro teo i Ninie Donia na Bezara Eliane Virginie, fa izay no tena anarany. Narary mafy tao am-ponja nitazonana azy amam-bolana maro tao Nosy-Be izy, ary nangataka ny hamindrana azy hitsaboany tena taty an-drenivohitra na Antsiranana, izy rahateo manana areti-mitaiza tosidra avo. Ny alahady 19 novambra 2023 teo anefa vao nisy ny fanapahan-kevitra handefasana azy hotsaboina tany Antsiranana, rehefa nihombo niharatsy ny aretiny. Niala tao Nosy-Be vao maraina izy nentina tamina fiarakodia Ambulance, fa tsy mba nalefa fiaramanidinan nefa efa tena tao anatin'ny hamehana ny aretiny. Tsy tana anefa ny ainy teny an-dalana, tao amin'ny faritra Andrafiabe, 40 km eo tsy hiditra an'i Diego. Fijoroana nanohitra ny fandrobana ny tanin'ny mpiray tanindrazana tao Nosy-Be, sy fiarovana ireo iharan'ny tsindrihazolena, no nisamborana ka nampidirana am-ponja an'i Ninie Donia. Niampy hatrany ny fitoriana azy nony tany amponja, izay misy lafiny politika hoy ireo akaiky azy, satria mpitarika ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) tao Nosy-Be izy, ary efa kandida depiote.
Maro ireo mpanakanto nangataka ny hamoahana azy. Nandohalika an-dranomaso nanoloana ny mpitondra fanjakana tonga namonjy Somaroho tao Nosy-Be mihitsy mihitsy aza i Wawa, nangataka ny hamotsorana an'i Ninie Donia, saingy maty ihany izy, tsy nisy izany. Omaly ny razana no tonga any amin'ny Nosy Manitra, andrasana ao amin'ny Salle d'Oeuvre Katolika ao Hell-Ville, mialohan'ny handevenana azy ao amin'ny fasam-pianakaviana ao amin'ny Cimétière Hell-Ville ihany. Maro ireo naneho fiaraha-miory noho izao fahalasanan'ny Mpanjakavavin'ny Salegy izao, anisan'izany ny filoha Marc Ravalomanana, filoha nasionalin'ny antoko TIM:''miondrika am-panajana ny tenako sy ny Antoko misy ahy manoloana izao fahalasanan'ny mpikambana ato amin'ny Antoko Tiako i Madagasikara izao dia tsy iza fa i Ninie Doniah. Mankahery ny fianakaviana nilaozany sy ny faritra niaviany.'' Nitondra izay teny fampaherezana ho an'ny fianakaviana, sy ny mpanakanto rehetra ary ny vahoakan'i Nosy-Be izay koa, ny filohan'ny Antenimierampirenena Christine Razanamahasoa,…


*Ny nofo mangatsiakan'i Ninie Donia, andrasana ao amin'ny Salle d'Oeuvre Katolika ao Hell-Ville.*

***Isambilo***

## Ny Valosoa sy hadihady

### Raharaham-pirenena

# Fifidianana tsy nanjary iny vita ny alakamisy teo iny

Fifidianana feno hosoka, tsy tomombana araka ny tokony ho izy amin'ny ankapobeny, izany hoe tena fifidianana tsy nanjary iny vita tamin'ny alakamisy lasa teo iny, tamin'ny fifidianana filohampirenena fihodinana voalohany teto amintsika. Noho izay antony izay, samy nilaza avokoa n any mpanara-maso avy eto an-toerana, n any avy any ivelany, fa mila mifampidinika sy mifampiresaka ny samy Malagasy manomboka izao, mba tsy hisian'ny korontana eto amin'ny firenena.
Nieboebo ry zareo tao amin'ny fitondrana fa hoe: tontosa soamantsara, nilamina, iny fifidianana filohampirenena iny amin'ny fomba fijeriny, fa ny ankamaroan'ny vahoaka manerana ny Nosy dia samy nilaza, fa tsy nampazoto ny fanaovana izany, noho ny tsy rariny marobe hita ao anatiny. Ny hosoka eo amin'ny resaka karatra ohatra, dia mampahatsiahy ny tamin'ny taona 2010 indray, tsy hita intsony izay maha-karatra azy, ny fanisana ny mpifidy "Recensement ", izay natao dia efa feno hafetsifetsena, olona tsy monina eny amin'ny fokontany misy anao, no manao azy, tsy mahalala izay mombomba ny toerana andalovany, nefa dia efa nozaraina 300 Ar isan'olona amin'izay trano nataony. Momba io karatra io mihitsy no nampalaina ny rehetra tsy nandeha nifidy, satria na tsy nahazo aza dia toa mbola afaka nanao izany indray raha nampiseho karapanondro. Tsorina fa tokony miara- mivoaka amin'ny lisitra misy ny olona iray, ny karatra, nefa dia mbola tsy tambo isaina ny tsy nahazo izany. Tsy vitsy ny olona nitondra karapanondro fotsiny, dia afaka nifidy, nefa efa voasoratra anarana amin'ny fokontany 2 na 3 samihafa, tranga iray nolazain'ny mpiambina tanàna eny Analamahitsy eny izany, sady misy anarany io fokontany io, no mbola voasoratra eny Sab-Nam eny izy, ary mbola tsy voafafa anarana any Avaradrano ihany koa, fonenany taloha, ka tonga dia nanaovany soa ho an'ny mpizara vary tsinjo ihany koa raha ny nambarany. Misy ny karapanondro sandoka, ka azo inoana, fa tena sandoka tanteraka ny fifidianana sy ny latsa-bato natao taminy. Ity kara-pifidianana ity dia hitovy amin'ny lisitra izay atao, nefa dia mbola ahitana diso tsipelina, anarana tsy mazava, tsy mifanaraka amin'ny isa isan-tokantrano, fa ao ireo mahazo, hanaterana izany any an-tranony, ao indray ireo voatery manoratra eny amin'ny fokontany misy azy tsirairay indray, ka dia efa kitoatoa tanteraka mihitsy. Nisy ramatoa iray teny Andoharanofotsy teny, tazan'ireo vahiny mpanaramaso tokoa, nalahelo izy fa hoe: azony ny karatra nefa ny anarany tsy tao, dia nolavina, nefa nisy teo alohany, tsy nitondra io kara-pifidianana io, dia afaka nanatanteraka ny anjarany. Teo amin'ny fanisam-bato, dia niaiky ny rehetra, fa raha mbola niantsoantso teo i Dada, dia mbola azo antoka fa lany, nefa tsy hanao izany izy fa ny fifidianana madio hatrany no tsy maty ao an-tsainy sy ireo vondron'ny kandida miray dia aminy. Tany atsimo andrefana aza, ny totalim-bato azon'ny kandida N°3 sy N°13 fotsiny dia efa mihoatra ny isan'ny mpifidy voasoratra anarana tokony ho avy eo amin'ny biraom-pifidiana iray. Raha izany no fintinina, dia fifidianana feno amboletra, tsy rariny, ary tokony tsy ho EKENA mihitsy iny tamin'ny 16 novambra iny, tsipahina hatramin'ny farany, fa na ny kandida izay tra-doza aza moa, dia tamin'io andro io koa vao nigadona teto an-tanindrazana, fepetra iray ihany koa mbola tokony ho nanemorana iny fifidianana iny.

**Beharo**

SADC, COMESA, VONDRONA AFRIKANA, OIF

# Miantso fifampiresahana amin'ny samy Malagasy



*Ireo mpanara-maso ny fifidianana iraisam-pirenena, teny amin'ny Novotel Alarobia ny sabotsy teo.*

Nitafa tamin'ny mpanao gazety, nitatitra ny fanaraha-maso ny fifidianana nataony, teny amin'ny Novotel Alarobia ny sabotsy teo ny mpanara-maso iraisam-pirenena avy amin'ny Sadc (Southern Africa Development Community), ny Vondrona Afrikana, ny Comesa (Common Market for Eastern and Southern Africa) ary ny OIF (Organisation Internationale de la Francophonie). Anisan'ny nambaran'izy ireo tamin'izany, ny tokony hisian'ny fifampiresahana eo amin'ny samy Malagasy hametrahana fitoniana eto amin'ny firenena. Tsy tena nahasahana faritra maro teto amin'ny Nosy izy ireo, satria birao fandatsahambato 2000 mahery teo ihany no voasahany tamin'ny Faritany 4 teo aloha teto amin'ny Nosy. Nisy ny tsy fahatomombanana hoy izy ireo, nisy toerana vitsy mpifidy mba tsy ilazana hoe tsy nisy ny mpifidy. Ankoatra izany, efa niarahan'ny rehetra nahita sy niaiky ny tsy fahatomombanana nandritra iny fifidianana natao amboletra iny, na ny kandida na ny mpanara-maso avy eto an-toerana dia samy efa nampahafantatra izany tsy fahatomombanana izany avokoa, dia izao niteny izao koa ny mpanara-maso iraisam-pirenena. Miantso ny governemanta arak'izany izy ireo, mba hiroso amin'ny fifampiresahana eo amin'ny samy Malagasy hampilamina ny Firenena.

**Isambilo**


PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.
Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Notiavina R.**



PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.
Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Harenasoa A.**


facebook NY VALOSOA VAOVAO

### Fahalasanan'i Ninie Donia

## Anisan'ny tompon'antoka ankolaka Rajoelina sy i Ntsay,…



**Christian Ravelo :** fahafatesanan'i Ninie Donia, anisan'ny tompon'antoka i AndryRajoelina sy Ntsay Christian, efa nifona ho azy i Wawa nefa mbola tsy navoakan'izy ireo ihany izy. Efa elaela no nagataka fitsaboana ivelan'i Nosy-Be izy sy ny fianakaviany, nefa ny alahady teo vao nalefa nankany Antsiranana hitsabo tena izy nefa tara loatra. Amin'izay, tsy mba nahazo fiaramanidina nitondra azy tany Diego fa nandeha fiarakodia ambulance. Tena tsy rariny izao nahafaty ny Mpanjakavavin'ny Salegy izao.

**Jonah Ratsimbazafy :** nisantatra ny fahafatesan'ny gadra politika iny i Ninie Donia... Iza indray no manaraka ?

**Willy Rakoto :** aoka e! ho lasan'izay ny ratsy.

**Gina Ravelojaona :** aza dia Mirary an'izany gadra politika hafa ho faty izany kosa e!

**Jonah Ratsimbazafy : Gina Ravelojaona :** Malagasy ianao no miteny amiko.Tsy mirary fahafatesana mihitsy Aho tompoko, fa efa lalan'ny mankany mankany Isika io. Tsy vitan'ny sentosento sy fangorahana à distance fotsiny izy ity, fa efa misy tsy salama koa @ ireo migadra ireo. Ka aleo velomina ny lakolosy satria efa grave izao tranga izao.

**NyOny Andr : Gina Ravelojaona :** mila réaliste isika fa tsy mitsetsetra fotsiny.

**Carlo Randrianantoandro : Lanto Nirina :** tokony ho gadraina koa ny député palissandre sy ny minisitra fonjamby e !

**Aingafaniry Razafimahatratra :** aza miantso loza Pr Jonah Ratsimbazafy a ! Ho lasan' izay anie ny ratsy.

**Jonah Ratsimbazafy : Aingafaniry Razafimahatratra :** tsy miantso loza aho fa misy marary @ ireo olona tazonina izao fa tsy avoaka. Ka aleo ambara fa tsy atao fotsiny hoe aza miantso loza. Raha tsisy maty manaraka indray tsy ho taitra isika? Efa mankany mankany anie isika izao e! Ahafaty ny Malagasy ity sentiment lava ity an!

**Ahmed Hussein:** responsable indirect amin'i Ninie maty zao President Rajoelina, PM Ntsay Christian : zanak'i Diego nefa ka raha tsisy raha nataony, ministra zanak'i Diego aby reo : Dr Raymond, Rahantanirina Gabriella,… deputé Nosy-Be, deputé Diego. Artiste aby reo koa, tsy ampy solidarité. Repose en paix Ninie.

### TONONKALO

## MISY FARANY…

**(Atolotra noho ny fodiamandrin'ny mpanakanto NINIE DONIA)**

Izay manohitra rehetra dia rahonana sy faizina,
Ka raha mbola be kirina dia alefa an-tranomaizina ?
Dia tsy henoina ny antsoantso sy tolokom-pitarainany,
Ary dia 'nareo mihitsy no mandidy ny andro iainany ?

Inona no hadisoany tamin'iny lalana iny
Raha niaro iretsy tany tsy ho lasan'ny vahiny ?
Sa dia hoe manelingelina, tsisy hanaovan-draharaha,
Na koa manakana ny bizina ketrehin'ny filoha vazaha ?

Izay manohitra rehetra dia atao mahita faisana,
Noho ny saina tsy mitovy sy ny tanjona tsy iraisana ?
Izay no tena nanenjehana itsy mpanakanto miavaka,
F'ianareo dia tsisy fo sy tsy sokajin'ny mpivavaka ?

…Andronao aloha ny anio kanefa kosa misy fetra
Ny hadalana sesilany sy karazana amboletra.
Misy farany daholo ireo natomboka rehetra,
Ka miomàna ry mpitondra zatra ny misetrasetra !

*TSIMIMALO (20-11-23)*

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**Ny fahamaizan'ny Espace Dera omaly teny Tsiadana.**






**Ireo vondron'ny kandidà nitafa tamin'ny mpanao gazety omaly teny Andraharo.**













## NY TENY FIAINANA

*"Izaho kosa efa nanendry ny Mpanjakako tambonin'i Ziona, tendrombohitro masina."*
***Salamo 2:6***

**HAIADY**

# Namiratra tany Maorisy ny mpikatroka Jiu-jitsu Malagasy

Namiratra ireo mpikatroka lalao haiady Jiu-Jitsu Malagasy niisa 19, tamin'ny fiatrehana ny fifaninanana "Open Africa 2023" natao tatsy amin'ny Nosy Maorisy, izay nifarana tamin' ny faran'ny herinandro lasa teo, fa tena nitondra avo dia avo ny voninahipirenena Malagasy izy ireo tamin'izany, nandrombaka medaly nahatratra 28 isa be izao (13 tamin'ireo dia medaly volemena, 13 volafotsy 7 alimo. Medaly iray avy fara-fahakeliny no azon' izy 19 mianadahy. Randriamanantena Tatamo ohatra nibata medaly volamena 2, Ranaivoharivony Arindra nahazo medaly volafotsy 2 ihany koa teo amin'ny sokajy vehivavy. Teo amin'ny sokajy lehilahy indray dia nahazo medaly volamena iray sy volafotsy iray Randriamanga Zo Aina ary Rasamy-Anoharana Andy dia nibata volamena iray medaly alimo iray.



***Santionan'ireo athleta malagasy niakatra Podium tany Maorisy.***

***Rainilita***

**Fifanintsanana « Mondial 2026 »**

# Mahavelom-bolo ireo mpilalao mandrafitra ny Barea


***Barea de Madagascar tany Ghana.***

Mahavelom-bolo ireo mpilalao mandrafitra ny Barean'i Madagasikara miatrika lalao baolina kitra indroa miantoana sahady, izay ny ekipan'ny Barea de Madagascar no niatrika ny fifanintsanana hahazoana miatrika ny « Mondial 2026 », nataony tamin'ny zoma lasa teo tany Kumasi Ghana, ka naharesy azy 1-0 tamin'ny segondra farany nanoloana ny « Black Stars du Ghana » ary vao omaly alatsinainy 20 novambra alina, tao amin'ny kianja « Stade Oujda – Maroc », no nifandona indray tamin'ny « Les Sao du Tchad » izay mpampiantrano ny fifaninanana tany Maroc, noho ny tsy fananan'izy ireo kianja ankatoavin'ny FIFA. Amin'ny ankapobeny dia azo ambara fa manana mpilalao avo lenta tena tsara ankehitriny ity Barea Malagasy ity, ka ny fisafidianana hataon'ny mpanazatra sisa no hahitana fahombiazana na tsia eo amin'ireo lalao hatrehany. Tamin'ny lalao natao tany Kumasi Ghana aloha dia marihana fa mbola niseho hatrany ny fananan'ny mpanazatra mpilalao ankafiziny kokoa, ka tsy mety hesoriny mihitsy na dia tsy nahazo fahombiazana nandritra ny ora maromaron'ny fifaninanana aza: baolina efa niisa 4 be izao ohatra no tsy nety matin'i Njiva, lohalarana raikitry ny Barea tamin'io lalao natao tamin'ny zoma io, fa tsy noesorina mihitsy izy. Tamin'ny ankapobeny kosa anefa tetsy ankilany dia tao amin'ny androny tanteraka ny mpiandry harato Melvin Adrien, izay nahaavotra baolina maromaro ihany tamin'io fihaonana io.

***Rainilita***

**Tenisy « Toutes catégories » sy « Vétérans »**

# Hiatrika « Championnats de Madagascar 2023 »


***COT Ankadikely Ilafy.***

Hiatrika fifaninanana « Championnats de Madagascar 2023 » ny tenisy sokajy « Toutes catégories », sy sokajy « Vétérans », amin'ny alatsinainy 27 novambra ho avy izao, ka hatramin'ny alahady 3 desambra 2023 etsy amin'ny kianja filalaovan'ny COT « Club Olympique de Tananarive » etsy Ankadikely Ilafy », handraisan'ireo ligy rejionaly rehetra eto Madagasikara anjara (Amoron'i Mania, Analamanga, Atsimo Andrefana, Atsinanana, Boeny, Haute Matsiatra, Vakinakaratra). Mpikarakara manazava loatra ny FMT « Federation Malagasy de Tennis », hotronin'ireo mpanohana ofisialy dia ny Telma Madagascar sy ny Club Olympique de Tananarive.

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



Rambon'omby sy anana indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Atao rony izany, na atao ritra ihany koa. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Ny soa azo avy amin'ny fisotroana ranona mananasy sy solila

Ny soa azo avy amin'ny ranona mananasy sy solila indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany.
Nahoana no tokony hisotro rano mananasy ny olombelona? Satria:
- manala fanaintainana, fivontosana.
- Mampihena vatana, manala tavy.
- Manala kakana.
- Manadio ny ao anaty vatana.
- Manatsara ny nify sy ny akanjonify.
- Mahatsara ny maso.
- Miaro sy miady amin'ny CANCER na homamiadana.
- Manampy amin'ny fandevonan-kanina.

Fomba fikarakarana azy:
Rano 2 litatra, mananasy 1 kelikely tetehina madinika dia atao anatin'ilay rano 2 litatra, atao amin'ny alina dia saronana. Ny maraina vao sotroina mandritra ny tontolo andro. Afaka asiana solila na menthe, afaka tsy asiana.
Afaka misotro avokoa ny olona rehetra.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'Ifito distrikan'i Toamasina II faritra Atsinanana

Ny tanànan'Ifito distrikan'i Toamasina II faritra Atsinanana indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Ifito ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 15 mandrafitra ny distrikan'i Toamasina II. Vokatra any ny vary, ny mangahazo, ny katsaka, ny vomanga. Ny voankazo toy ny akondro, ny manga, ny soanambo, ny ampalibe, ny letchi.



RAJOELINA SY NY FORONGONY

# Mampikorosy fahana ny soatoavina Malagasy sy ny maha-Malagasy

Tamin'ny fotoana nanaovan'i Andry Rajoelina sy ny forongony fanonganam-panjakana teto amin'ny firenena, ny 2009 – 2010, no nanomboka nikorosy fahana ny soatoavina malagasy sy ny maha malagasy mihitsy amin'ny ankapobeny. Anisan'ny nisongadina tamin'izany ny tsy fanomezan-danja na fanajàna ireo lazaina ho raiamandreny na zokiolona. Tsy nohenoin-teny mihitsy ireo olona fanàja ireo. Anisan'ny tranga niharihary tamin'izany ny teny amin'ny toby miaramila Ampahibe, ny naniratsiran'ny ambany grady ny manamboninahitra ambony indrindra teto amin'ny firenena. Teo koa ny nitranga teny amin'ny Episcopat Antanimena, izay ny filoham-piangonana mihitsy no nozimbazimbaina sy sahy nokasihin-tanana mihitsy. Mety tamin-dRajoelina avokoa izany rehetra izany, sy ny sisa nanaraka rehetra. Folo taona mahery aty aoriana, mbola tsikaritra mitohy izany fomba sy toetra ratsy izany. Tsy henoiny ary tsy hamakiany loha ireo raiamandreny samihafa na ara-drazana na avy amin'ny fiangonana, na ny manam-pahaizana, izay tena to teny eo amin'ny soatoavina malagasy. Nisy ny fiantsoana azy teny Mandrimena, ohatra, na teny amin'ny fampiantsoan'ny Vovonana mpanelanelana niarahan'ny filohan'ny Antenimierampirenena, ny FFKM, ireo olobe maro samihafa tena sangany eto amin'ny firenena. Fa tsy norahirahiany, izy sy ny ekipany izany. Re ihany koa aza, fa tena tsy mihaino izay ambarana raiamandreny na zokiolona ny tenany nandritry ny nitondrany.

Tsy azo antenaina hiova intsony rehefa tsy niova toy izay ny toetrany, hoy ny mpandinika. Ratsy taiza ve? Hoy ny raiamandreny sasany, satria araka ny teny ambaran'ny Baiboly, hoe: "zaro amin' ny lalana tokony halehany ny zaza, fa na rehefa lehibe aza izy tsy hiàla amin'izany". Hoy ihany koa ny raiamandreny ara-panahy iray izay hoe: "ny toetranareo amin'izao maha zatovo sy tanora anareo izao no ho toetranareo rehefa lehibe". Ka iaraha-mahita sy mandre ny zava-misy ankehitriny. Raha toy izany no toetrany ary, asakasak'izay miantso azy hoe raiamandreny. Ny mpitondra fanjakana mantsy antsoin'ny Malagasy hatrany ho raiamandreny. Koa raha olona tsy manàja raiamandreny ve atao ahoana no hanajàna azy? Hoy ny zatovo manara-baovao. Sarotra araka izany ny mbola hanomezana azy ny fitantanam-pirenena ankehitriny, ankoatra ny efa tsy azo anekena azy velively ho kandidà amin'ny fifidianana sy hitantana ny firenena. Hatrany amin'ny fototry ny soatoavina malagasy mantsy no navelany hikorosy fahana sy ho potika mihitsy fa tsy ny lafiny politika fotsiny ihany.


*Fanonganam-panjakana notarihan'i Andry Rajoelina tamin'ny taona 2009.*

***Sôh'son***

Raharaha Ntsoa VHF

# Hahemotra amin'ny 30 novambra ny fitsarana

Hahemotra amin'ny 30 Novambra ho avy izao ny fitsarana ny raharaha famonoana an'i Tsoa tao amin'ny tarika VHF, rehefa nandalo teny anivon'ny sampana ady heloka be vava tao amin'ny Tribonaly Anosy omaly. Mbola tazonina vonjimaika any am-ponja ireo olona 5 voarohirohy amin'ity raharaha ity. Hita faty tao anaty fiarakodiany i Ntsoa tamin'izay fotoana izay ary natao ho sarintsarina lozam-piarakodia ny nahafaty azy, rehefa tena nanao ny fanadihadiana lalina anefa ny mpitandro filaminana nanao famotorana dia famonoan'olona nosarontsaronana tamin'ny lozam-piarakodia ny nahafaty azy, ka ny sakaizany sy ny namany no voarohirohy tamin'izao raharaha izao.

***Niaina***


*Ireo voatazona noho ny raharaha Ntsoa VHF.*

Rugby vehivavy 2023

# Nitohy tetsy Andohatapenaka ny fifaninanana


*Fihaonana teny Andohatapenaka tamin'ny alahady.*

Nitohy tetsy Andohatapenaka ny fifaninanana rugby vehivavy, fiadiana ny ho tompondakan'i Madagasikara sokajy D-1 sy D-2 tamin'ny alahady 19 novambra teo, ka lalao niisa 3 no tanteraka tamin'ireo 4 tao anaty fandaharan-dalao. Voka-dalao azo : Uasc Cheminot 05 – 00 Fanja Anjanahary, XV Red Tanjombato 00 - 46 Ftvl Lalamaty, Ftm Manjakaray 19 – 37 Ftfa Antohomadinika. Marihana fa somary nangadihady toy ny mahazatra ny fijerem-baolina tetsy amin'ny kianjan'ny Makis Andohatapenaka, satria baolina sokajy vehivavy no natrehana.

***Rainilita***

Espace Dera Tsiadana

# May tao anatin'ny indray mipi-maso

Haintrano mahatsiravina no nitranga tetsy Tsiadana Boriboritany faharoa eto Antananarivo omaly atoandro, may tao anatin'ny indray mipi-maso ny Espace Dera Tsiadana, toeram-panaovana lanonana samihafa anisan'ny malaza eto an-drenivohitra. Araka ny vaovao voaray, "Court circuit" na fifampikasohan'ny tariby mitondra rianaratra, no voalaza fa nahatonga ny firehetana tao amin'ity Espace ity. Mbola anaty fanadihadiana ihany koa ny tompon'andraikitra raha ny nambaran'ny mpamonjy voina.

Tokony ho tamin'ny 12 ora sasany teo no nanomboka nirehitra ny lakozia, vetivety dia nahazo ny trano fandraisana lanonana ary niitatra ka nahazo ireo birao teo anilany. Tsy nisy azo noraisina ireo entana raha ny nambaran'ireo nanatri-maso, misimisy ihany arak'izany ny tetibidin'ny fahamaizana.

***Niaina***



*Ny fahamaizan'ny Espace Dera Tsiadana.*

Infocom Seg

# Handray fepetra amin'ireo rehetra manely vaovao tsy marina

Nanambara ny sampana mpampahalala vaovao ao amin'ny Zandarimariam-pirenena, na ny Infocom Seg, fa handray fepetra amin'ireo rehetra manely vaovao tsy marina amin'ny tambazotran-tserasera. Ny irian'ny maro dia mba tsy hisy fitanilana ny mahakasika izany, ka na ireo mpiserasera facebook ampiasain'ny fitondrana aza dia tokony henjehina amin'izany koa, satria tsy vitsy fa maromaro ihany tato ho ato ny vaovao diso na vaovao foronina avoakan'izy ireo. Araka ny fanambarana:"mahavoasazy ny fanelezana vaovao tsy marina ka handraisana fepetra. TSY MARINA ny vaovao aely ao anaty tambazotran-tserasera "Facebook" milaza, fa voasambotra ka atao famotorana eny amin'ny Section des recherches criminelles Antananarivo ny jeneraly Lefitry ny komandin'ny Zandarimaria, sy ireo Manamboninahitra kolonely miisa 2 avy ao amin'ny Tafika Malagasy. FANDIKAN-DALÀNA ny fanalana baraka sy ny fanelezana vaovao tsy marim-pototra, koa TSY MAINTSY ANDRAISANA FEPETRA. Efa eo ampelatanan'ny Service de Lutte Contre la Cybercriminalité ny raharaha; efa fantatra avokoa ireo nahavanona izany hatramin'izay niparitahany. Izany no atao dia ho anatra sy ho fampitandremana ireo izay mety mbola halaim-panahy hanao filazana sy fanaparitahana vaovao tsy marina." Dia aoka tokoa tsy hisy tombo sy hala ny fampiharana izany lalàna izany.

***Stefa***



## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**11/11/2023 hatramin'ny 18/11/2023**

- **RAZAFIMANDRANTO** (Analakely en face esplanade pavillons) 032 12 736 66 / 034 98 742 23
- **D'IVANDRY** (Ivandry) 032 03 549 76/038 12 549 77/033 11 549 76
- **ANKAZOMANGA** (Ankazomanga) 020 23 302 68/032 12 714 17/034 12 714 17
- **MAEVASOA** (Enceinte immeuble Castello Anosizato) 034 39 186 69 / 034 05 186 69
- **ANKAZOTOKANA** (à 600m Jumbo score vers Ambanidia) 020 76 354 42

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 076 00

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com

**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1497-11-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

### HERINANDRON'NY FANDRAHARAHANA MANERAN-TANY

## Nomarihana tamin'ny fihaonambe nasionalin'ny mpandraharaha andiany faha-5



*Fihaonambe nasionalin'ny mpandraharaha tetsy Antaninarenina.*

Nomarihana ny herinandro teo teto amintsika ny herinandron'ny fandraharahana maneran-tany. Nomarihana tamin'ny alalan'ny fihaonambe nasionalin'ny mpandraharaha andiany faha-5 izany tamin'ity taona ity, tao amin'ny Hotel Le Pavé Antaninarenina nandritra ny roa andro misesy, ny 17 sy 18 Novambra 2023 teo. Ny hetsika dia nahitana varotra sy fampirantiana ary famelabelaran-kevitra narahina adihevitra. Fihaonambe nasionalin'ny mpandraharaha izy io, izay nokarakarain'ny fikambanana Club des Entrepreneurs eo anivon'ny Madagascar Entreprises Développement Aina Vao. Nahafahan'ireo mpandraharaha madinika sy salantsalany nifampizara traikefa, nifanakalo hevitra manoloana ireo tranga ara-toekarena sy ara-tsosialy eto amin'ny firenena ny hetsika. Nandray anjara tamin'izany ny solontenan'ny mpandraharaha avy amin'ny faritra 23 eto amintsika.


***Aly***

Sambo lehibe mpivarotra boky

## Mijanona 1 volana any Toamasina ny Logos Hope

Miantsona any Toamasina faritra Atsinanana, nanomboka ny alakamisy lasa teo, ilay sambo lehibe Logos Hope, izay mivarotra boky mitety tany ary mijanona any an-toerana haharitra 1 volana. Boky karazany maro amin'ny fiteny maro samihafa, anisan'izany ny boky amin'ny teny Malagasy, no hita ao amin'izany sambo izany: boky fianarana, boky misy tantara, boky loharanom-baovao, boky sariitatra,... Zava-dehibe ny fandolavan'ity sambo ity, satria afaka misitraka boky amidy amin'ny vidiny mirary ao ny vahoaka any Toamasina sy ny manodidina . 2000 Ar ny saram-pidirana, ho an'ireo hitsidika izany sambo izany, sy hividy boky ihany koa.

***Niaina***




*Ny sambo lehibe Logos Hope, miantsona ao amin'ny seranan-tsambon'i Toamasina.*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 450**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0449)

***Mitsivalana***
- Vehivavy
- Alefa – Fo (miv)
- Lotoina
- SN – Ota
- Ski – As
- Korana
- Anarana

***Mitsangana***
- Valosoa
- Elo
- Hetsika
- Nofy (miv) – Ro
(miv)
- Vay – Ora
- No – (T)an(y)
- Voatana
- If – Asa

### TENY MIFANAPAKA N° 450




**Mitsivalana**

**1.** Karazana legioma – Tsirin-teny Mpanao **2.** Resy – Mahadomelina **3.** Manambara lera – Toerana **4.** Manao fitsidihana **5.** Laharana (miv) **6.** Teny fanehoana (miv) Tsy mahafoy tanàna iray **7.** Sakafo – Nandray (BR) **8.** Tsy tonta (miv) – Tia, iry **9.** Kianteny – Milaza fananana (miv) **10.** Mpikarama (miv) – Esotra

**Mitsangana**

**A.** Vahoaka eran-tany **B.** Foto-tsakafo – Kanto (miv) **D.** Ampela (miv) **E.** Mpanondro toerana – Tovona (miv) – Mahantra **F.** Bozaka **G.** Anelanelan'ny vato – Manao fanekena (miv) **H.** Manao (miv) **I.** Mpilalao mandray vola **J.** Feo miverina – Didy mipetraka (miv) **K.** Mampisafidy – Tafita amin'ny sarotra

### Valiny Teny mifanaraka 0449

**Mitsivalana**

**1.** Peratra - Re **2.** Anana - Mamo (miv) **3.** Tinapaka **4.** Mirona (miv) - Nao **5.** (A)lam(o) - RN **6.** Atrika **7.** Hasoavana **8.** Aty - Atody **9.** Antitra **10.** Ivato - Atao

**Mitsangana**

**A** Pataloha **B.** Enina - Vata (miv) **D.** Ranomasina **E.** Rana (miv) - To - TT **F.** Tapitra - Io **G.** Ma (miv) - Tavy (miv) **H.** (L)aok(a) - (S)okatra **I.** Man - Taona (miv) **J.** Rà - Ar - Ad(y) **K.** Embona - Ilo

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

LW

Ny Ambulance nitondra an'i Ninie Donia, saika hotsaboina tany Antsiranana ny alahady lasa teo, saingy nodimandry teny an-dalana izy.






Ny fitsenana ny nofo mangatsiakan'i Ninie Donia, tao amin'ny seranan-tsambon'i Nosy-Be, tany Hell-Ville.











